# Ilay Voa Tsara Nafafy 24 Aogositra 2020

24 **Alatsinainy** aogositra

**Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha...** Hebreo 9. 27

**Kristy Jesosy, Mpamonjy antsika, ... nahafoana ny herin'ny fahafatesana, ka ny filazantsara no nampisehoany mazava ny fiainana sy ny tsy fahalovana mandrakizay.** 2 Timoty 1. 10

## Ary aorianan'izany ?

„Salama aho, manankarena, tsara tarehy... ary aorianan'izany ?

— Manana volamena aho, manana volafotsy... ary aorianan' izany ?

— Na dia ho izaho irery aza no manam-pahaizana tapitra ohatra sy feno fahalalana, dia inona no hitranga aorianan'izany ?

— Na dia hanaram-po amin'ny zavatr'izao tontolo izao mandritra ny arivo taona aza aho, dia inona no hiseho aorianan'izany ? Tampotampoka dia tonga ny fahafatesana, ary manaisotra ny zavatra rehetra amin'ny olona. Inona no ho hitantsika ao ambadiky ny vavahadiny ? ... Andriamanitra irery no mendrika hotompoina..."

Ny mpanjakavavy Marie-Christine Ferdinande de Bourbon-Siciles (1806-1878) no nanoratra ireo eritreritra ireo, hita taorianan'ny nahafatesany, tao anatin'ny boky niraketany ny momba ny toe-panahy araka an'Andriamanitra. Takatr'io mpanjakavavy io ny tsiambaratelon'ny tena fahasambarana, dia ny finoana Ilay Andriamanitra fitiavana. Fantany fa tsy mitondra fahasambarana ny fahombiazana, ny harena na ny fahasalamana ; fantany fa afaka manampy hanadinoana vetivety ireo adin-tsaina ny fahafinaretana omen'izao tontolo izao... ary aorianan'izany ?

Efa hatry ny ela ny Baiboly no nanambara hoe : tsy misy na inona na inona eto an-tany hahay hanome fahafaham-po izay mitady fahasambarana eto (Mpitoriteny 6). Ary i Paoly, ilay apostoly, dia efa niaina ny hoe ny fahalalana an'i Kristy no zavatra tena tsara, ary hany zava-dehibe aza (Filipiana 3. 8). Ho sambatra isika raha mahafantatra fa tian'Andriamanitra sy navelany heloka, noho ny asa nataon'i Jesosy, „Izay natolotra noho ny fahadisoantsika ka natsangana indray ho fanamarinana antsika" (Romana 4. 25). Jesosy no manafaka amin'ny tahotry ny fahafatesana ireo rehetra miaiky fa meloka, ka mandray Azy ho Mpamonjy sy Tompo. Ary Izy no manome Azy ireo ny fiainana mandrakizay (Jaona 17. 2). „Tsy misy famonjena amin'ny hafa" (Asan'ny Apostoly 4. 12).